



Ny Varo-Mandeha Amin'Ny Faritra Manodidina Ny Alan'Analalava

Fidèle Raharimalala

Fampidirana

Analalava dia ala kely lavalava iray hita amin'ny sarintan'i Madagasikara, eo ho eo amin'ny 8 km andrefan'i tanànan'i Mahavelona (**Foulpointe**), faritany Toamasina. Ny tanjon'ity fanadihadiana ity dia fitadiavana hevitra hampivoarana miaraka ny fiainan'ny olona sy ny tontolo manodidina azy ho fitandrovana ny ala sy ny tontolo iaina. . Tsara ho marihina aloha fa ho an'ny malagasy dia vary ihany no neverina ho tena foto-tsakafô, na monina aiza izy na aiza, ka izay hahazoany izany vary hohanina izany, na amin'ny fomba inona, na manao ahoana no maha may azy. Izany no anisan'ny mahapotika ny ala raha amin'ny faritra atsinana iny izay kely velaran-tany hambo-lena vary anaty rano. Ity fanadihadiana ity dia mikasika ny fifandraisan'ny olona sy ny zavamaniry amin'ireo mponina manodidina azy.

Fomba nentina nanao ny fanadihadiana

Ny varo-mandeha no endrim-pifandraisana notrandrahana. Ny fomba nanatanterahana izany dia fandehanana tongotra nandrity ny adiny roa amin'ny lalam-be falehan'ny olona rehetra, manelanelana ny tanan'i Morarano sy Sataloto. Misy koa ireo fanontaniana napetraka tamin'ireo olona izay nifanena teny an-dalana; tsy nisy moa ny fanavahana fa dia nanontaniana daholo, izay olona rehetra nifanena taminay. Ireto ary ny karazam-panontaniana napetraka tamin'izany :

- Firy taona izy?
- Avy aiza ny fiaviany?
- Inona ny karazan'entana entiny?
- Firy ny habetsany na ny isany?
- Hamidy aiza?
- Taiza no nakana ny entana izay hamidiny?
- Mpamboly sa mpiantoka?
- Velarantany misy ny voly?
- Fanodinana natao raha nisy izany?
- Isaky ny fotoana inona no mandeha mivarotra?

- Inona avy no ampiasana ny vola azo amin'ny varo-tra?
- Efa firy taona no nanaovany toy izao?

Vokatra

Ny valin'ny fanadihadiana dia ahazoana mampisongadina ny asa amam-panaon'ny karazan'olona amin'ny toerana iray mandavan-taona sy mikajy ny fifandraisany amin'ny zavamaniry sy ny vokatr'izany eo amin'ny olona sy ny tontolo iainany. Aseho amin'ny tabilao 1 izany.

Tsangan'olona efatra amibin'ny folo (14) no nahazoana valiny ka azo tsinjaraina toy izao: 4 lehilahy lehibe mihoa-tra ny 40 taona; 3 vehivavy lehibe latsaky ny 40 taona; 4 tovolahy 18 - 25 taona; 2 tovovavy 18 - 25 taona; ary ankizy kely efatra mianadahy niaraka nokaontina olona 1. Ny tabilao 2 manaraka dia mampiseho ny fifandraisan'ny zavamaniry sy ny olona araka ny fampiasana azy.

Correspondence

Fidèle Raharimalala, Département Botanique, Université d'Antananarivo, BP 906, Antananarivo 101, MADAGASKARA. cofirah@antananarivo.mg

Tabilao 1. Famintinanany asa natao manodidina ny alan'Analalava. (LL: Lehilahy, VV: Vehivavy)

Karazana Asa	Mpanao Asa	Fisokajiana ny karazan'asa	Fotoana fanaovana azy
Voly vary	LL + VV	An-Koraka, An-tavy	Aogositra - desambra Mamafy latsak'orana
Rary	VV	Tanty bazary, Tanty be, Tapatsihy, Tandroho	Rehefa tsy misy asa vary
Varo –mandeha	LL	Sakafo (voasary, sakoa, akondro, soanambo) Akanjo (tee-shirt, zipo, short)	Rehefa vita asa vary
Mitanika toaka	LL		Mandava-taona ivelan'ny asa vary
Miompy kisoa	LL + VV		Mandava-taona
Voly hafa	VV	Voly mangahazo, Voly tsomanga, Voly anana (Petsay, ,Anamalaho, baranjely, karoty)	Manomboka septambra, Manomboka Avril, Manomboka Avril
Tsenakely	LL +VV	Jiro, sira , afo, savony, kafe ranony, betsa	mandavataona

Kirakiran-kevitra

Azo tsoahina avy amin'ireo tabilao roa ireo fa :

- Ny vary no tena fototr'asan'ny olona, fa ny sisa rehetra fanampiny fotosiny.
- Ny vola azo avy amin'ireo asa hafa dia entina hividianana vary satria ny yokatra azo tsy mahampy taona, ary hividianana kojakojam-piaianana andavanandro. Ohatra ny vola azo amin'ny fivarotana tanty bazary dia 1000 Ar isan-kerinandro ho an'ny vehivavy iray (tanty 10) ary 800 Ar ho an'ny tovovavy iray (tanty 8). Lehilahy iray dia mahazo 20.000Ar amin'ny fivarotana toaka 20 litatra. Ny ankamaroan'ny mpivaro-mandeha dia avy any Andondambe (20 km avy Mahavelona) sy Ambodifaho. Ny ankamaroan'ny mpividy dia eo Morarano.

Hita koa fa tsy misy miala avy anaty ala ny zavatra ampiasain'ny olona amin'ny fiaianany andavanandro. Voamarina izany ny filazany fa tsy ry zareo manakaiky ny ala loatra no manapotika ny ala fa olona avy any ivelany: mponin'ny Mahavelona sy Toamasina. Mazava ihany koa, fa raha mahita vaha-olana mahafa-po an-dry zareo dia tsy hitetika ny ala koa ry zareo hambolem-bary an-tanety.

Tabilao 2. Fifandraisany ny zavamaniry ny olona araka ny famipasana azy.

Asa fanampiny atao	Zavamaniry fototra (matières premières)	Toerana hakana azy	Habetsahan'ny alaina
Rary	Penjy - arefo - zozoro	Honahona	1 entana /olona
Varo-mandeha	Lamba, Voankazo	Toamasina an-tsaha Andondabe	Araka ny vola Izay zaka mandeha tongotra
Mitanika toaka	Fary akondro	an-tsaha Andondabe an-tsaha Andondabe	1 taonina 10 reny
Miompy kisoa	Viha	Honahona, any10km miala Morarano	50kg zaka bisikileta

Efa nisy sosokevitra nampitain'ny mponina manamorona ny ala fa raha misy barrage na toho-drano dia mbola manana tany malalaka azo atao tanimbaray hampitomboany ny voka-bary ry zareo. Izay no valin'ny fanadihadina vita noho ny tsy fahampian'ny fotoana.

Fisaorana

Koa dia hisaorana ny Mpikarakara rehetra, Missouri Botanical Garden sy Karoka Nasionaly Ampiharana ny Rakim-Panafody nahafahana nanatanteraka iny atrik'asa mikasika ny fifandraisany 'olona sy ny zavamaniry. Misaotra ireo Mpampiantra avy any amin'ny Université of Hawaï nahafoy tena sy andro nanome ny fahalalana, isaorana koa ireo mpandray anjara avy eto an-toerana nanisy ambiantsy tsara nandrity izany fotoana rehetra niarahana..



